REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana

MINISTERE DE L'ECONOMIE
DES FINANCES ET DU BUDGET

SECRETARIAT GENERAL

DIRECTION GENERALE DES IMPOTS

DIRECTION TECHNIQUE DES IMPOTS

FILAZANA

Ny Tale Teknika ny Hetra dia manao izao filazana izao

Araka ny andininy faha 01-06-01 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezandalàna ankapobe ny Hetra, nasiam-panovàna tamin'ny lalàna mifehy ny Tetibola 2007 dia :

`Voalohany: Manao filazàna Hetra Tambatra (Impôt Synthétique) ao amin'ny Ivotoerana fandoavan-ketra alohan'ny 31 Martsa 2007 ireo olona manao anton'asa miteraka vola maty tsy mihoatra na mira 20.000.000 Ariary ao anatin'ny taona.

Tsy tafiditra ao anatin'izany ny fikambanana na orinasa na ny mpivarotra ambongadiny isan-tsokajiny.

Faharoa: Marihina fa ny hetra Tambatra dia mahasolo sy manafaka ireo mpandoa hetra ireo amin'ny haba amin'ny asa aman-draharaha (Taxe Professionnelle), ny hetra amin'ny vola tsy manana endrika karama (IRNS), sy ny haba amin'ny fifanakalozana (TST).

Fahatelo: Ho tetezamita, rehefa nandoa ny haba amin'ny asa amandraharaha sy ny hetra hafa voalaza etsy aloha ho an'ny tanna 2007 ireo olana voakasiky ny Hetra Tambatra, dia tsy manao filazana intsony fa asian'ny Sampandraharaha ny Hetra fanitsiana ny tontalin-ketra efa voaloa na mbola tokony aloa any amin'ny faran'ny taom-piasana, mba hifanentana amin'ny Hetra Tambatra efainy .

Fahaefatra: Ireo izay vao manomboka asa ka tsy nahafeno taona iray dia mikajy ny vola matiny nandritra ny volana iray niasana, ampitomboina roa ambin’ny folo volana mba hahafantarana raha tokony hanefa ny Hetra Tambatra izy ireo.

Fahadimy : Fandraisan’anjara mivantana amin’ny fampandrosoana ny faritra sy ny kaominina ny hetra tambatra, koa manainga ny daholobe amin’ny fanefàna ny adidy amin’ny Tanindrazana.

Iangaviana mba hanatona ny Ivotoerana fandoavan-ketra akaiky azy indrindra ireo izay mila fanzavana fanampiny.

Antananarivo, faha 02 febroary 2007
Sonia Ny Tale teknika ny hetra,
RANDRIANASOLO Adolphe